



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA FAMPITAM-BAOVAO

### **Fihaonan'ny Filohan'ny Repoblika Andriamatoa Andry Rajoelina sy ny delegasiona malagasy tamin'ireo mpandraharaha ara-toekarena senegaley sy iraisam-pirenena**

Ny andron'ny 3 aprily 2019 dia natokan'ny delegasiona malagasy ho andro ara-toekarena, ao anatin'ny fitsidihana ara-pomba ofisialy izay atao any Dakar, Sénégal. Fihaonana maro araka izany niaraka tamin'ireo andrim-panjakana sy rantsa-mangaika samihafan'ny governemanta senegaley no notanterahan'ny Filohan'ny Repoblika. Ny fifampiraharaha amin'ny mpandraharaha iraisam-pirenena sy senegaley, ao anatin'ny fanatanterahana ireo tetikasa goavana fananganana fotodrafitrasa manerana ny Nosy, ny fijerena ireo paikady samihafa ho amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy an'i Madagasikara no tena votoatin'ny fihaonana rehetra natao.

Loha-hevitra isan'ny nisongadina tanteraka ny fanorenana fotodrafitrasa araka ny voalazan'ny politika ankapoben'ny fanjakana (PGE) sy ny fanafainganana ny rafitra fanodinana ireo akora isankarazany (industrialisation) ary ny fampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra hamoronana asa sy hari-karena ho an'ny tantsaha. Isan'ny zava-dehibe ho an'ny Filoha Andry Rajoelina ny mahakasika ny tantsaha araka ny nambarany, noho maha-fanaingam-pampandrosoana goavana hoentina hampiroboroboana indray ny toekarena mifototra @ asa fambolena sy ny fiompiana ary jono. Io tetikasa natokana hoan'ny tantsaha io dia kendrena hamorona asa maro indrindra ho an'ny vehivavy sy ny tanora tsy ankanavaka ary homem-panofanana ho zary matianina.

Ny fifanakalozana natao nandritra ny fihaonana rehetra izay nisy koa dia nahafahan'ireo ekipa teknika niaraka tamin'ny Filoham-pirenena, naka traikefa sy fahaiza-manao momba ny fanorenana ny Tanana vaovao (nouvelle ville) sy ireo trano fonenana natao ho an'ny daholobe (habitats sociaux), ny fanamboarana lalana (autoroutes) ary ny resaka angovo sy rano. Marihana fa mpahay lalàna (juristes), mpahay taotrano (architectes) sy manam-pahaizana amin'ny fanajariana ny tany sy ny tontolo an-drenivohitra no mandrafitra ny ekipa teknika malagasy.

Momba ny fananganana ny tanàna vaovao, dia nitondra fizaram-pahalalana lava tamin'ireo mpikambana amin'ny delagasiona ireo manam-pahaizana senegaly, ny tamin'ny fomba nananganan'ny Sénégal ny Tanana vaovao antsoina hoe "Diamniadio", indrindra ny teo amin'ny lafiny araky ny lalàna, ara-bola ary ara-panamboarana. Ilaina hoy ny filohan'ny Repoblika'i Madagasikara ny fifanakalozana amin'ireo mpiara-miombon'antoka matotra senegaly sy iraisam-pirenena, mba hahafahana manovo traikefa avy amin'izy ireo, ary miavaka ry zareo senegaly satria mitovy tanjona amin'ny firenena Malagasy eo amin'ny vinam-pampandrosoana ho an'ny fivoaran'ny firenena sy ny tany afrikana amin'ny ankapobeny. Tsihivina fa vahiny manan-kaja nasain'ny filoha senegaly Macky Sall manokana ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina mivady.